TANDINDOMIN-DOZA NY TARANAKA

Zaza 2 tapitrisa tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo

Zaza malagasy 2 tapitrisa latsaky ny 5 taona no tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka eto amintsika, araka ny nambaran'ny solontenan'ny Sampandraharahan'ny Firenena mikambana misahana ny fahasalamana (OMS), Céline Seignon, tany Morondava, nandritra ny fanamarihana ny Andro ho an'ny fanjarian-tsakafo ny faran'ny herinandro teo.

Anisan'ny firenena 36 mbola manana taha ambony (47%) amin'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka i Madagasikara. Amin'ny ankapobeny, voan'ny tsy fanjarian-tsakafo avokoa ny 90%-n'ny ankizy madinika amin'ireo firenena ireo. «*Tsy niova mihitsy ny taha ho antsika tao anatin'ny 20 taona*», hoy ny mpandrindra nasionaly ny Ofisim-pirenena ho an'ny fanjarian-tsakafo, Jean François.

Paikady iray hisorohana ny tsy fanjarian-tsakafo ny fanentanana ny vehivavy rehetra mahakasika ny i 000 voalohany miantoka ny fivoaran'ny zaza. Rehefa tsy tomombana manomboka ao am-bohoka ka hatramin'ny faha-2 taonany ny fivelaran'ny zaza, tsy misy azo atao intsony aorian'izay. Betsaka ny ezaka efa nataon'ny minisiteran'ny Fahasalamana hanampiana ny vehivavy. Fanomezana pilofera sy odikankana, fampirisihana ny vehivavy hisafo inefatra mandra-pahaterak. Rehefa teraka ny zaza, entanina ny reny hampinono tsy misy fangarony hatramin'ny fahenim-bolany ary tohizana roa taona.

Omena sakafo miovaova sy maro loko (loko fito) ny ankizy, arakaraka ny vokatra misy eo an-toerana. Ao Morondava, nampahafantarina ny mponina ny tavolo, vokatra maniry ambanin'ny tany. Azo atao foto-tsakafo rehefa ahandroina ary ampiarahana amin'ny akora hafa izy.

Vonjy